# GAZETY FIAINANA

FPMA TOULOUSE

*«Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be» - Jaona 10:10*

Laharana 242 | 25 Desambra 2022 | www.fpma-toulouse.com

## HO HITANAO ATO

FIARAHABANA KRISMASY....p.01

BIRAO SY KOMITY 2022 - 2023....p.02

NY KRISMASY, FAHATERAHAN'NY MPAMONJY....p.03

TSIANJERY....p.03

SAMPANA SEKOLIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA....p.05

ISANTAONAN'NY STK....p.05

FAMPAHERAZANA MOMBA NY TRANO FIANGONANA...p.06

ISANTAONAN'NY FEON'NY MAZAVA....p.06

ISANTAONAN'NY SAMPANA FIFOHAZANA....p.07

VAOVAON'NY SAMPANA TILY....p.09

EVENEMENTS MARQUANTS DERNIER TRIMESTRE....p.10

### GAZETY FIAINANA FPMA TOULOUSE

**Editeur** : Vondronasa Serasera sy Firaketana (VSF) FPMA Toulouse - **Nombre de tirages** : 250 - **Tale VSF** : Ravaka RAVELOMANANA sy Maholy RAVELOMANANA - **Maquette :** Aurélie RASOLONDRAIBE - **Conception graphique** : Soréo RANDRIAMANANTENA - **Correction et relecture** : Nanouh RASAMOELY - **Ont contribué à ce numéro** : Pr Elysée ANDRIAMIANDRA - Solofo RAJAOBELINA - Misa RAKOTOMALALA - Riana RAJAOBELINA - Liva RAVELOSON - Niony ANDRIANJAFITRIMO - Arilaza RANDRIAMAHEFASOA - Noro RASAMOELY

## FIARAHABANA KRISMASY

Ny filoha Solofo RAJAOBELINA

***"Voninahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany." (Lioka 2:14)***

Izany tenin'ireo Anjely marobe izany tamin'ny mpiandry ondry nilazàna ny nahaterahan'i Jesosy voalohany no entina hiarahabana antsika rehetra, Fiangonana, vahiny, sampana, Loholona sy Zokiolona, Komity, tompon'andraikitra samihafa nahatratra ny Krismasy 2022.

Krismasy manambara vaovao mahafaly satria fanomezana maimaimpoana avy amin'Andriamanitra ho antsika rehetra tsy ankanavaka. Koa raiso ary Jesosy Kristy hanazava, hampahery sy hanavao ny fiainanao indray. Jesosy Mpamonjy tokoa no teraka ho antsika koa tena inoantsika ve izany famonjena lehibe entin'i Jesosy izany ?

Fotoana ary izao hampiantrano Antsika an'i Jesosy Kristy ao am-pontsika mba hiara-dia amintsika isan'andro satria Izy no loharanom-piadanana sy loharanom-pifaliana ho antsika. Indrindra amin'izao fotoanan'ny olana maro samihafa mety mitranga eo amin'ny fiainantsika izao (ny ady, ny aretina, ny fitsapana samihafa, ny fiakaran'ny vidim-piainana, sns) dia tadidio fa eo Jesosy Kristy te hanova ny fiainantsika koa sokafy ny fonao hidiran'I Jesosy Kristy ilay fanomezana tsara indrindra.
Tena ilain'ny Fiangonana ny miara-mandray izany fahasoavana lehibe izany satria manompo Tompo iray isika koa ndao hiaina izany ao anatin'ny fiombonana tanteraka mba hahafahantsika mahatratra ny tanjona tokana dia ny handova ny fanjakan'Andriamanitra sy ho voavonjy ny fanahintsika rehefa miala eto amin'ity tany fandalovana ity. « Ndao hitsangana hanangana » araky ny teny hanorenantsika ny vina trano Fiangonana izay mbola tetikasa banjinina amin'ny taona 2023.

Io tenin'ny Anjely io koa dia mampahatsiahy antsika rehetra hanome voninahitra an'Andriamanitra noho ny fitiavany antsika tsy tapaka koa enga anie ka izany no hitarika antsika indray manomboka izao.

Ry Fiangonana malala, ry rahalahy sy anabavy ao amin'ny Tompo, ny faniriana dia ny hiainantsika ilay fiadanana lazain'ny Anjely etsy ambony, ilay fiadanana maharitra mandrakizay, ilay fiadanana mihoatra noho ny fahalalàna rehetra, ilay fiadanana tsy manam-pahataperana.
Ho tanteraka amintsika anie izany rehetra izany.

***"Fa zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika ary ny fanapahana dia eo an-tsorony. Ary ny anarany atao hoe : Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Andrian'ny fiadanana. Ny handrosoan'ny fiadanana dia tsy hanam-pahataperana." (Isaia 9:6-7)***

Mirary Krismasy sambatra sy taom-baovao finaritra ho antsika rehetra.

FPMA Toulouse

# BIRAO SY KOMITY 2022 - 2023

**FIANGONANA FPMA TOULOUSE**
70 Rue Pargaminières
31000 TOULOUSE

**BIRAON'NY FPMA TOULOUSE**
68 Rue Pargaminières
31000 TOULOUSE



### MPITANDRINA
Elysée ANDRIAMIANDRA
*06 68 42 24 28*



### FILOHA
Solofoniaina RAJAOBELINA
*06 50 19 36 02*



### FILOHA MPANAMPY
Nasolo RAKOTONINDRAINA
*06 48 23 93 06*



### TONIA
Soréo RANDRIAMANANTENA
*06 21 75 55 17*



### FEON'NY MAZAVA
Hariniony
ANDRIANJAFITRIMO
*06 95 60 87 82*



### MPITANTSORATRA
Sylvie RAJAOBELINA
*06 12 65 20 72*



Mamy ANDRIAMAMPANDRY
*06 66 83 05 10*



### FIFOHAZANA
Brigitte RAMIANDRISOA
*06 27 75 18 76*



### MPANDRAHARAHA NY VOLA
Njaka RASOLONDRAIBE
*06 23 69 45 00*



Malalatiana
RANDRIAMANGAMALALA
*06 45 46 80 44*



### H'ENDRIPEO
Herimanoa RASOAMANANA
*07 70 14 76 59*



### MPITAMBOLA
Hanitra RATOVONDRAHONA
*06 76 89 02 19*



### FITAIZANA
Halisoa RAZAFINTSIALONINA
*06 41 25 40 83*



### LEHILAHY KRISTIANA
Dominique RASOLOFO
*06 37 94 83 11*



### SOSIALY SY FAMPANDROSOANA
Panoel Flavien
RAKOTONDRAFAHATRA
*07 53 73 07 83*



Salama
RAKOTONDRAFAHATRA
*06 35 20 90 32*



### SEKOLIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA
Misa RAKOTOMALALA
*07 68 09 47 36*



### FIAINAM-PIANGONANA
Tantely RANDRIAMANJATO
*06 05 02 04 76*



Bodo RANDRIAMANJATO
*06 37 61 11 21*



### TANORA KRISTIANA
Riana RAJAOBELINA
*06 65 12 35 50*



### SERASERA SY FIRAKETANA
Ravaka RAVELOMANANA
*06 25 93 00 25*



Maholy RAVELOMANANA
*06 26 46 17 29*



### TILY
Noro RASAMOELY
*06 08 16 39 21*



### FIRAISAN'NY SAMPANA
Mbolatiana
RAVELOJAONA
*06 66 33 46 27*



Clémence
RAJERISOLO
*07 68 41 11 90*



### VEHIVAVY KRISTIANA
Lalao
ANDRIANJATOVO
*06 80 31 67 02*



### VOLA SY FANANANA
Raveloarimanana
BEHAVANA
*06 80 63 22 90*



Gérard ANDRIAMIFIDY
*06 34 90 74 23*



### MPIADIDY
Andy ANDRIANJAFITRIMO
*07 82 61 64 60*



### MPIADIDY
Jean-Christian
ANDRIANJATOVO
*06 72 32 97 22*



Eddie RAVELOJAONA
*06 14 56 35 14*



Fara Mampionona
RAKOTOARIDINA
*06 63 70 97 35*

# NY KRISMASY, FAHATERAHAN'NY MPAMONJY

***"Mpamonjy no teraka ho anareo anie ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo." (Lioka 2:11)***

Ny Noely na ny Krismasy dia anisan'ny andro na vaninandro be mankalaza indrindra eran-tany. Marihina fa fetim-pifaliana izy, ary fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra izany fifaliana izany : *"Fifaliana lehibe ho an'ny olona rehetra." (Lioka 2:10)*. Koa aza gaga isika raha mankalaza ny Krismasy avokoa ny olona rehetra maneran-tany, na mino an'i Kristy na tsia. Ary anisan'ireny isika, satria ho an'ny olona rehetra ny fifalian'ny Krismasy. Mifalia !

Fa fetim-pamonjena koa izy : *"Indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho... fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio..." (Lioka 2:10,11)*. **Mpamonjy teraka ho antsika** no ambarany ; tsy hoe teraka fotsiny, fa teraka ho antsika. Io fahaterahana io, izay niseho tao am-pihinanam-bilona iray tao Betlehema, dia tsy nisy nahita sy nisitraka azy afa-tsy antokon'olona vitsy dia vitsy (ny Magy sy ny mpiandry ondry vitsivitsy). Nahoana izy ireo no tafahaona sy nahita ny Mpamonjy ? Satria nampahalalàna, na nandre ny feo, ary dia nandeha nizotra tany amin'ilay toerana, nahita sy nihaona tamin'ny Mpamonjy.

Isika ankehitriny koa dia mitovy amin'ireo Magy sy mpiandry ondry ireo, ka ampahalalàna na itenenan'ny Soratra Masina ny amin'i Jesosy Kristy sy ny fitiavany ary ny asany. Kanefa raha tsy mety manatona azy isika, dia mijanona ho fahalalana na fandrenesana fotsiny no anānantsika, fa tsy ny famonjena tsy akory. Hoy indrindra ny Tompo : *"Dinihinareo ny Soratra Masina, ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy. Kanefa tsy mety **manatona Ahy** ianareo **hananananareo fiainana**." (Jaona 5.39-40)*. *"Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery **ho tonga zanak'Andriamanitra**, dia izay mino ny anarany, 13dia ireo izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak'Andriamanitra." (Jaona 1:12-13)*

Koa raha ho an'ny rehetra ny fifalian'ny Krismasy, dia ho an'izay mino sy mandray ny Tompo ho teraka ao am-pony sy honina ao aminy irery ihany ny famonjen'ny Krismasy.

Koa iza amin'ireo sokajy ireo no misy anao ?

Raha te-hifaly fotsiny ianao, dia mifalia, saingy tsarovy fa fifaliana mandalo no hany anjaranao. Fa raha sady te ho faly ianao no te-hahazo ny famonjena, dia raiso honina aminao na honina bebe kokoa ao amin'ny fiainanao Jesosy, fa izany no nahatongavany sy nahaterahan'ilay Imanoela. Dia manaova Krismasy tanteraka : feno fifaliana sy henika ny famonjena.

Pasitera
Elysée ANDRIAMIANDRA

# TSIANJERY

## MITSINGERINA ETO ANIO

1 - Mitsingerina eto anio
Ny Noelinao ry Tompo
Dia ilay tenanao madio
'Zay nietry ho Mpanompo

2 - Voninahitra sy laza
Tsy nahoanao velively
Fa nekenao ny ho zaza
Ka tsaroana anio Noely

3 - Ao an-tsaiko Betlehema
Sy ny fahitra tsy tsara
Sarim-poko be kilema
Nefa tsy mba diso anjara

4 - Eny fantatro tokoa
Ny nidinanao tety
Mba hanova ahy ho soa
Toy ireo anjely ary

5 - Fitiavan-dehibe
Tsy voasandan'ny harena
Nentinao ho ahy re
Hahazoako famonjena

6 - Koa ankalazaiko 'ndray
Anandratako antema
'Lay Noely fahizay
Nisy tany Betlehema

7 - Haleloia, voninahitra
Ho anao ry Jesoa soa
Na ny tany na ny lanitra
Midera Anao tokoa tokoa

8 - Raha mety Ianao anio
Ka izaho no misafidy
Ny halotoako ho voadio
Hanan-toetra sarobidy

9 - Koa ny foko ankehitriny
Mba idiro, ipetraho
Dia ho afaka ny tsiny
'Zay ananako taloha

10 - O midira, mandrosoa
Fa mivoha ny foko izao
Ny aiko sy ny tena loa
Foiko'zao mba ho anao




## MAMANGY NY TANY ANDRIAMANITRA

Fifaliana mahagaga, tsy mba afaka eo an-dela
Izay miverina isan-taona, ny akony aza izao tavela,
Fa tantara tsy ho tonta, na mba vasokin'ny ela
Ilay vahiny zazakely : antsoina hoe : Imanoela.

Raha nilazaona Edena niandohan'ny fahotana
Dia nanomboka hatrany, no efa nisy filazana,
Hoe :ny haterakao ry Eva sy ny anao ry menarana,
Hampifandrafesiko izy : izay no vidin-kadalana.

Dia nanampy izany koa ireo natsoin'ny mpaminany,
Fa ho virijiny, hono, no hiteraka azy izany :
Koa samy niandry avokoa ireo vahoaka fahizay,
Fa Andriamanitra no avy mba hanampy itony tany !

To izany rehefa ela, ka aoka izany ny hafaliana :
Mpiandry ondry sy ny Magy, samy dodona sy liana,
Mba hizaha ity vaovao izay lazaina sy toriana,
Araka ny feon'Anjely tamin'ny alina mangina.

Dia nanidina ny feo, ka ireo nahita no nilaza,
Fa ao an-tranon'omby ao (tsy mba toerana sahaza) :
Misy zazakely voadidin-damba-jaza,
Dia ny Mesia Andriana, Tompo tokana, malaza.

Tonga ho antsika Izy, na iza na iza firenena,
Ka tanteraka ny Teny, niandoha ny famonjena,
Ireo nantsoin'ny mpaminany, tsy nisy izay nivena
Tojo valiny tokoa, ny fon'ireo izay nanantena.

Indro mitsingerina eto, iny andro tokana iny,
Izay nisian'ny hafaliana tena tsy mba nisy tsiny ;
Fa ny tany manontolo no efa novangiam-bahiny,
Ka ny akon'izy ireny, izao tsaroana ankehitriny.

Tena sambatra ny tany, ary tretrika ny mpino,
Nahatsiaro fitahiana, ka tsy mety manadino ;
Itony foko kosa, Tompo, mba havaozy sy hamasino,
Hahatoky tsara Anao ka ny fisainako hamasino.

Ny eritreritro rehetra : enga anie ka tsy hania,
Fa ho mendrika anao, toy ny fon'ilay Maria ;
Isan'andro no itoero, mba hanekeko fa satria,
Ianao no ilay Mesia, koa faingàna mamangia.

« ON L'APPELLERA ADMIRABLE, CONSEILLER, DIEU PUISSANT, PÈRE ÉTERNEL, PRINCE DE LA PAIX. » ÉSAÏE 9:5B




**Le Samedi 24 Décembre 2022**

VIEUX TEMPLE
70 Rue Pargaminières
31000 Toulouse

Toulouse

# SAMPANA SEKOLIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Le thème choisi par la STA pour cette année 2022 est :
« **Noël dans le monde** ».

Avec les enfants, nous avons posé la question : comment les citoyens du monde fêtent noël ?

En Asie : le Japon est un pays shintoïste et bouddhiste, Noël est juste une fête occidentale un peu folklore avec le sapin et les cadeaux à l'américaine.
La Chine tout comme le Japon, Noël une fête commerciale avec de jolies décorations.
L'Inde, avec les multitudes de Dieu qu'ils ont, la fête de noël n'existe pas.
De l'autre côté de la planète : Au Mexique, avec un nombre très élevé de chrétiens catholiques, Noël est vraiment une célébration religieuse, et plus loin au Brésil c'est plus une fête de retrouvailles et de partage.
Pour notre pays Madagascar : c'est une fête religieuse mais également une fête familiale.
En Europe, c'est partagé : chez les chrétiens, c'est une fête religieuse et pour les non croyants une fête commerciale et de consommation.

En cherchant un peu, nous avons constaté qu'il y a des chrétiens partout dans le monde, certes le nombre diffère d'un pays à un autre mais il y en a. Et le seul lien véritable de tous ces chrétiens ont commencé à Noël, mais… Noël c'est quoi donc ?

C'est la célébration de la naissance de Jésus, l'incarnation de Dieu qui prend la forme humaine, en son fils Jésus Christ.
Par ailleurs, nous avons tous un petit nom, un surnom, un pseudo en famille, avec les amis, les collègues, sur les réseaux sociaux et même pour les adresses mails.

Dans la Bible, Jésus a plusieurs noms, pseudos, surnoms mais contrairement à nous, ces noms ont tous un sens, une signification particulière appropriée à chaque moment de notre vie chrétienne, et pour noël : Dieu nous a offert un cadeau sublime, un cadeau pour l'humanité car « un enfant nous est né un enfant nous est donné » selon le verset que la STA a choisi : «  on l'appellera admirable, conseiller, Dieu puissant, Père Eternel, prince de la paix.» (Esaïe 9:5b)
Car oui, actuellement par ce temps de guerre, d'incertitude et de flottement, nous avons tous besoin d'un modèle, d'un conseiller, d'avoir un pilier Eternel et Puissant.

Ainsi , la STA vous souhaite de demeurer dans la GRACE et la PAIX du Christ en tout temps et d'invoquer son nom à tout instant.
**Joyeux Noël à tous** et merci Seigneur car **Dieu est avec nous : EMMANUEL !**

Misa RAKOTOMALALA

# ISANTAONAN'NY SAMPANA TANORA KRISTIANA AO ANATY FITSAPANA

Le 19 Novembre dernier, lors d'un festival, le Sampana Tanora Kristiana (STK) a célébré son Isantaona ayant pour thème les EPREUVES ! Un thème peu commun mais riche en édifications autant pour les jeunes STK que pour le public ayant assisté à cette célébration.
Tout comme nous ne pouvons pas apprendre le foot sans ballon, il est impossible d'apprendre sur les épreuves sans passer par des épreuves…



**1 mois avant notre célébration**, nous n'avions toujours pas de salle pour réaliser notre festival.
**2 semaines avant**, nous n'avions pas encore la confirmation de notre lieu.
**1 semaine avant**, Dieu a répondu à nos prières, en nous donnant une salle, celle de Saverdun.
**Le jour J**, Dieu a manifesté sa puissance au travers du festival qu'il nous a permis de faire. Il nous a permis de témoigner du thème des épreuves, dans la salle qu'il nous avait réservé, celle qu'il nous gardait depuis le début.

Mais peu importe le résultat qu'a pu être ce Isantaona, ce qui est à retenir est que Dieu était là tout au long de nos préparatifs !

Il est un Dieu fidèle, qui répond à nos prières selon son temps.

Soyez en convaincus, Dieu permet que nous traversions des épreuves pour nous élever à un niveau encore plus haut. Et surtout, Il ne nous laissera pas tomber dans des épreuves que nous ne pouvons pas surmonter.
Enfin, en tant que chrétiens qui traversons diverses épreuves, rappelons-nous que Dieu veut nous forger et renforcer notre foi, car une foi forte n'est pas une foi forte et inébranlable. Dieu accomplit son plan selon ses voies, selon son temps, et veut tester notre patience en lui.

Dieu a vu nos pleurs et nos douleurs mais n'a pas dit son dernier mot
Il faut continuer de prier, il faut continuer de chanter, Il faut continuer de louer.

Notre Dieu n'a pas fini son œuvre en nous.
Il nous prépare à recevoir ce qu'il a pour chacun de nous.

En Jésus Christ nous sommes vainqueurs.
Il est un dieu fidèle qui est le même hier, aujourd'hui, et éternellement.

Amen !

Riana RAJAOBELINA

# FAMPAHEREZANA MOMBA NY TRANO FIANGONANA

**TAZONY NY TENY FIKASANA**

***«…Aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany (fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana).»***

***(Heb. 10:23)***

Rehefa nokasihan' Andriamanitra ny fon'i Kyprosy mpanjakan'i Persia, dia namoaka didy ny hananganana indray ny tranon'i Jehovah any Jerosalema izay efa rava sy hamerina ireo fanaka rehetra nobaboin'i Nebokadnezra. Maro ny olona no niverina avy tamin'ny fahababona tany Babylona no tonga tao Jerosalema ka nanorina indray ny Tempoly izay efa rava. Faly sy ravo ny olona rehefa vita ny fanorenana ny trano ka sady nihoby izay tsy izy :

***«Ka dia tsy fantatry ny olona izay fifaliana na izay fitomaniana noho izany horakoraka be izany, fa nihoby mafy ny olona, ka re lavitra ny horakoraka. »***

***(Ezra 3:13)***

Etsy an-daniny dia tsy faly ny fahavalon'ny zanak'Israely ka nitady ny fomba rehetra hanakanana sy handrarana izay asa lehibe izany. Manasa antsika hamaky ny bokin'i Ezra 4. Toa nahazo vahana ireto fahavalo ka nahomby ny teti-dratsiny ary tsy maintsy natsahatra ny famitana ny tranon'i Jehovah.

(Ezra 4:23-24)

Tao anatin'izay fisafotofotoina be izany dia tonga ny tenin'i Jehovah izay nentin'i Hagay mpaminany fa **tohizana ny asa**. Tonga indray ny fahavalo mampihorohoro sy nanakana saingy **niditra an-tsehatra ny Tompo** : ***« Nefa ny mason'Andriamaniny nitsinjo ny loholon'ny Joda, ka tsy nahasakana azy ireo, mandrapahatongan'ny teny ho any amin'i Dariosy sy ny nahazoany ny valiny ny amin'izany raharaha izany. »***

***(Ezra 5:5)***

Rehefa nataon'i Dariosy mpanjaka, izay nandimby, ny fikarohana ireo didy mirakitra ny fanomezan-dalana nomen'i Kyprosy mpanjaka tamin'izany andro izany dia voaporofo fa marina ny tantara ary dia vita soa aman-tsara ny tranon'i Jehovah sy ny manda tany Jerosalema (Ezra 6:14).

Ny tantaran'i Jesosy fony Izy vao teraka koa dia toa misy itovizana amin'izao tantaran'ny zanak'Israely izao. Nitady hamono ny zanak'Andriamanitra i Heroda ary voatery nandositra tany Egypta i Josefa sy Maria hiarovana ny zaza, rehefa nisehoan'ny anjelin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny nofy (Matio 2:13-14). Rehefa maty Heroda dia niverina soa aman-tsara izy telo mianaka.

Ry havana, ny asan'Andriamanitra na ny fikasan'Andriamanitra dia manam-pahavalo. Alaimpanahy isika mihevitra fa olona no fahavalo satria ireny no hita maso manakivy, manakiana ary indraindray aza manakana na miezaka handrava ny asa.

Raha mandinika ny bokin'ny Apokalipsy 12 isika dia mahita araka ny filazan'ny mpandinika fa efa tanteraka sahady ilay fahitan'i Jaona fa ilay dragona izay nitady hamono ilay zazakely dia tsy iza fa ny devoly, izay tandindon'i Heroda, nitady hamono an'i Jesosy zaza.

Noho izany, ny fahavalo dia ilay hery miasa eny amin'ny rivotra hoy ny Apostoly Paoly ka mampiasa ny olona izay tsy miorina tsara na tsy mahita ny asan'Andriamanitra fa mandeha araka ny fisainana maha olona fotsiny ihany ka manohitra na manakivy ny sasany.

Mampahery antsika ireo tantara roa ireo fa rehefa miditra an-tsehatra ny Tompo dia resy ny fahavalo ary tanterahan'Andriamanitra izay nokasainy. Saingy isika kosa mila mihazona ny teny fikasana efa nomeny.

Hanorina trano isika, izany no fikasantsika. Tsarovy fa manam-pahavalo izany asa izany. Tsy olona anefa ny fahavalo fa ilay mpandrafy an'Andriamanitra hatramin'ny voalohany dia ny devoly. Mila miambina sy mivavaka isika eto amin'ny FPMA Toulouse, miray saina ka tokony ho mailo ary handray ny fahefana efa nomen'ny Tompo antsika dia ny handroaka ny fisalasalana, ny tsy finoana, ny tahotra, ny fanahiana, ny tsy fisaian'ny fanolorantena na "engagement", izany hery rehetra izany dia rivotra afafin'ny fahavalo avokoa. Tonony ao anatin'ny vavaka sy ambarao fa efa fahavalo resy ny devoly satria efa resin'ny Tompontsika teo amin'ny hazo fijaliana.

Tonga ny Noely ary miandrandra izany isika. Ho Noeli-pandresena satria Ilay tompon'ny fahefana no tonga ary efa niteny hoe :

***« … ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.»***

***(Matio 28:20)***

**Ambarao ary tazony mafy ny teny fikasana** satria **mahatoky Ilay nanao izany !**

Liva RAVELOSON

# ISANTAONAN'NY SAMPANA FEON'NY MAZAVA
# LE JOUR OÙ DIEU DONNE

Depuis que le mal a gagné le monde, l'homme n'a fait que pécher et trahir Dieu. Nous méritions la mort éternelle... mais par sa GRÂCE, Dieu nous a donné le plus beau cadeau qui soit, le cadeau ultime... le cadeau parfait : son fils Jésus-Christ, le MESSIE, le SAUVEUR!

***«Car Dieu a tant aimé le monde, qu'il a donné son fils unique, afin que quiconque croit en lui ne périsse point, mais qu'il est la vie éternelle.» (Jean 3:16)***

Dieu a fait cela par AMOUR. Il nous fait don de son amour par son fils Jésus-Christ, et rien dans ce monde ne pourra nous séparer de cet amour manifesté en lui.



Jésus est descendu sur terre pour que nous puissions avoir la VIE. Une vie rachetée par son sang, qui sera remplie de sa JOIE et de ses BENEDICTIONS. Avec Christ qui vit en nous, nous faisons partie de la grande famille de Dieu. Et Dieu a promis des multitudes de bienfaits pour ses enfants : car toutes choses concourent au bien de ceux qui aiment Dieu.

Nous sommes bénis dans nos épreuves, nos maladies, et nos peines... car Dieu a déjà prévu toutes sortes d'issues de secours et de solutions pour que nous ayons la GUERISON mentale, physique et surtout spirituelle, et ainsi en ressortir grandis et affermis dans la foi. En ce moment nous préparons les festivités de Noël... Qui dit Noël dit achats de cadeaux

et jolis emballages. En contraste... Jésus qui est le plus beau cadeau de Noël qui soit, nous a été donné... très loin des paillettes de Noël, mais dans la paille, emballé dans un vieux lange et dans une vieille étable... !
Et c'est ce qui fait notre magie de Noël... Jésus est descendu sur terre dans une vieille étable dans l'inconfort, pour que nous puissions avoir le confort éternel dans le ROYAUME DES CIEUX. Le ROYAUME DES CIEUX était clairement dans cette étable !

Parce qu'Il nous a aimés le premier, nous aimons Dieu, et nous aimons comme Il nous a aimés. Parce qu'Il est le seul digne de louange, nous proclamons Son Nom dans nos chants, et dans nos danses !

Le Vaomiera Aim-panahy
de la chorale Feon'ny Mazava

Voilà le message conducteur de l'Isantaona 2022 intitulé « Le jour où Dieu donne » de la chorale Feon'ny Mazava. Un concert édifiant et inédit par rapport aux précédents car nous avons choisi un nouveau format.

Par la grâce de Dieu, les préparatifs se sont bien passés malgré quelques difficultés mais nous n'étions pas inquiets car Dieu était au contrôle et Il nous a tout DONNE pour que tout se déroule bien.
Nous espérons avoir proclamé et témoigné à travers ce concert que la naissance de JESUS a été l'expression physique de l'amour extravagant de Dieu pour l'humanité (DON SUPREME).

Joyeux Noël à tous !
A Dieu seul soit la Gloire !

Niony
ANDRIANJAFITRIMO

# ISANTAONAN'NY SAMPANA FIFOHAZANA

Araka ny fandaharana eto amin'ny Fiangonana FPMA Toulouse, dia ny asabotsy 10 sy alahady 11 septambra lasa teo no nanatanterahana ny Isan-taonan'ny Sampana Fifohazana tamin'ity taona 2022 ity.
***"Miomàna hihaona amin' Andriamanitrao ry Israely ô !" (Amosa 4: 12)***
Izany no lohahevitra nobanjinina tamin'izany.

### *ASABOTSY*

Natomboka tamin'ny fanofanana notarihin'ny Raimandreny Mpitandrina Elysée Andriamiandra, izay nanasana ny fiangonana manontolo tao amin'ny Vieux Temple ny asabotsy tolak'andro ny fankalazana.

**Fanofanana**
***Ny faharatsian'ny Zanak' Israely tamin'ny andron' i Amosa mpaminany***
Ny fitantarana ataon'i Amosa mikasika ny fiainan'ny zanak'Israely tamin'ny androny, dia ahitana ny fahalehibeazan'izy ireo, ny hareny sy ny fandrosoany amin'ny lafiny ara-materialy. Ny fitiavany harena sy voninahitra mihoa-pampana anefa dia nitarika azy hampahory sy hanosihosy ary hanao taingim-bozona ny madinika sy ny mahantra teo aminy.

Nahatonga azy hanambony tena sy ho feno fireharehana koa izany fananany ny ampy sy ny fahombiazany tamin'ny fiainana ara-materialy izany.

Tao koa ny fahotan'izy ireo, izay miseho amin'ny fandaozany ny finoana an'Andriamanitra sy ny fanarahany fombafombam-pivavahana miorina amin'ny fanao ivelany fotsiny toy ny fanatitra, ny fahafolon-karena, ny fanomezana ho an'ny mpisoroa, izay hatao ho filan-dera sy haitraitra, fa tsy anaovana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fanetren-tena sy ny fankatoavana ny teniny sy ny didiny ary ny fitiavana Azy sy ny fitiavana ny namana.

Tsy tantin'Andriamanitra intsony ny nijery fotsiny ny faharatsiana mihavosa nataon'ny Zanak'Israely, ka dia nofaizina tahaka ny fanao amin'ny zanaka tiana izy ireo, mba hahatonga azy hibebaka sy hiverina Aminy indray. Nampiasain'Andriamanitra toy ny tsora-kazo hamelezana azy avokoa, mba hahatonga saina azy, ny loza maro samihafa nifanesy, dia ny mosary sy ny tsy fahampian-kanina, ny hain-tany, ny tondra-drano, famelezan'ny valala, ny fahasimbana sy faharavana, ny areti-mandringana sy ny ady.

Tsy nahoan'ny Zanak'Israely anefa izany famaizana rehetra nahatran'ny Tompo taminy izany, fa nohamavoiny. Ny nataony ihany no nataony, fa tsy nety niverina Taminy izy.

Vokatr'izany fihenahenana nasetriny ny famaizana sy ny ny fampitandreman'i Jehovah azy izany, dia nambaran'i Amosa mpaminany fa tsy afaka hijanona ela amin'izany tsy firaharahany Azy izany intsony izy, fa tsy maintsy hihaona mifanatrika Aminy amin'ny fitsarana izay iandrasany azy. Miomana hihaona amin'Andriamanitrao, hoy izy.

***Ny fampianarana apetraky ny tantaran'ny Zanak'Israely tamin'ny andron'i Amosa***
Amin'izao andro iainantsika izao, dia miseho hatraiza hatraiza ny fironan'ny olona amin'ny fahombiazana ara-materialy. Mitaky ny mpitondra hanome azy izay hivokisany sy hahametimety ny fiainany fotsiny ny vahoaka. Manao izay hahabe ny tombontsoany hatrany ny mpanambola matanjaka, na dia hahafoana orinasa madinika maro aza izany. Mifaninana handrombaka ny harena azo trandrahana rehetra ny firenen-dehibe, na dia hita fa mampitsipozipozy ny tany madinika aza izany. Dia mintombo miaraka amin'izany koa ny fanamparan-kery sy fahefana tafahoatra. Tsy misy intsony ny fahatahorana an'Andriamanitra.



Raha zohina koa ny fiainan'ny Fiangonana sy ny kristiana, dia hahitana taratra ny fivavahana fanaon'ny Zanak'Israely tamin'ny andron'i Amosa. Kajiana fatratra izay hanajana ny fombafombam-pivavahana, saingy voaloton'ny fifikirana amin'ny zavatry ny nofo ihany izany, ka mifangaro ny masina sy ny tsy masina.

Ny fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra anefa, dia tsy ny fanarahana

fombafombam-pivavahana aseho ety ivelany akory, fa ny miantra ny madinika sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpetina avy amin'izao tontolo izao.

Vokatr'izany faharatsiana rehetra izany, dia miseho eto amin'izao tontolo izao ny famaizan'Andriamanitra, izay ikendreny ny hibebahan'ny olona sy hiverenany Aminy. Mifanao sesilany eto ny fitrangan'ireo loza rehetra nihatra tamin'ny Zanak'Israely. Nefa dia tsy mbola tonga saina ihany ny olombelona. Tsy heveriny fa miantso azy hiverina Aminy amin'ny alalan'ireny loza ireny ny Tompo, ka tsy mibebaka izy.

Ny hany azon'ny Tompo hatao sisa dia ny manambara fa ho avy hitsara Izy ka asainy miomana hihaona Aminy ny olona.

Tsy maintsy hihaona mifanatrika amin' Andriamanitra isika, ka hampamoahana ny amin'ny asantsika rehetra, dia izay nataontsika sy izay tsy nekentsika hatao. Ka efa vonona hihaona Aminy ve isika?

**Fialana hetaheta**
Taorian'ny fampianarana dia nisy fiaraha-miala hetaheta sy fandraisana odiambavafo nomanin'ny Sampana Fifohazana ho an'ny mpivory izay tonga maro nanatrika ny fotoana.

***ALAHADY***

Ny alahady maraina, dia ny Sampana no nitarika feno ny fanompoam-pivavahana niraisan'ny fiangonana tao amin'ny Vieux Temple. Ny Filohan'ny Sampana, Rtoa Brigitte Ramiandrisoa, no nitarika izany fanompoana masina izany.

**Toriteny**
Ny Hafatry ny Filazantsara napetraka ho an'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny toriteny dia niompana indrindra tamin'ny famoaboasana ny lohahevitra hoe : "Miomàna hihaona amin'Andriamanitrao, ry Israely ô !" (Amosa 4: 12)

Amin'ny maha-olombelona antsika, dia mandany fotoana tokoa isika, hiomanana amin'izay atao mandritra ny fiainanantsika eto an-tany. Tsy misy maharatsy izany. Kanefa tokony ho ao an-tsaina, fa eo amin'ny zato taona eo ihany, raha be indrindra, no andalovantsika ety antany. Fa ny ambiny rehetra amin'ny fiainantsika kosa, izay tsy hisy fahataperana, dia holaniana any aorian'ny fahafatesantsika.

Eo anoloan'izany no itaomin'ny Tenin'Andriamanitra antsika mba hiomana ny amin'ny fiainana any ankoatry ny fahafatesana, hiomana hihaona amin'Andriamanitra.

***Tokony hiomana hihaona amin'Andriamanitra isika satria tsy maintsy hihaona Aminy isika aorian'ny fahafatesana, amin'ny ora efa nalahany rahateo.***
Jesoa Kristy Tompo, izay efa maty, nefa nandresy ny fahafatesana, ka nitsangana tamin'ny maty, dia nanambara fa rehefa mipaika izay ora izay, izay mino Azy dia horaisiny hihaona amin'Andriamanitra sy hiara-tsambatra Aminy ao an-tranony. Izay tsy mino Azy kosa, dia hiharan'ny fitsaran'Andriamanitra, ka havariny any amin'ny helo, izay hiainana fijaliana mandrakizay. Tsy maintsy hihaona amin'Andriamanitra isika.

***Tokony hiomana hihaona amin'Andriamanitra koa isika, satria misy fetra ny fotoana ahafahana manao izany.***
Raha nahary antsika olombelona Andriamanitra, ny fikasany dia ny hanana antsika eo anilany mandrakizay, mba hampitobahany amintsika ny fiadanany, ny fahasoavany, ny fifaliany sy ny fahatsarany rehetra.

Saingy tsy nahoantsika olombelona izany, fa "Efa samy nania tahaka ny ondry isika, ka nivily ho amin'ny làlantsika avy" (Isa 53: 6), dia tonga olom-bery lavitra an'Andriamanitra.

Na dia eo aza anefa izany, Andriamanitra dia tsy mitsahatra ny mitia antsika. "Tsy tiany hisy ho very isika, fa ho tonga amin'ny fibebahana avokoa" (2 Pet 3: 9), ka hiverina Aminy indray.

Ankehitriny dia mbola mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana Andriamanitra, miandry ny hiverenantsika Aminy (Heb 4: 16). Ho avy kosa anefa ny fotoana, ka tsy eo amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana intsony no iandrasany antsika, fa eo amin'ny seza fiandrianan'ny fitsarana.

Koa dieny mbola misy ny fotoana, dia tokony ho araraotina hiverenana Aminy, hibebahana Aminy, hihavanana Aminy. ary hiomanana hihaona Aminy.

***Tokony hiomana hihaona amin'Andriamanitra ihany koa isika, satria mahavery ny maha-olomboavonjy ny tsy fiomanana hihaona amin'Andriamanitra.***
Isika kristiana izay efa niaranatsangan'Andriamanitra tamin'i Kristy, dia efa anisan'ny vahoakan'ny fanjakan'Andriamanitra ary ny fiainantsika dia miaramiafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra" (Fili 3 : 20 ; Kol 3: 3).

Matetika anefa isika, dia voasarika hisaina sy ho tia ny zavatra ety an-tany (Kol 3: 1-2), dia ny filan'ny nofo sy ny filan'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, izay tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany (1 Jao 2: 15-16).
Dia lasa naman'izao tontolo izao isika, manao ny fanaon'izao tontolo izao, ka mihemotra amin'ny fanarahana ny Tompo.
Eo anoloan'izany, dia mazava ny fanambaran'ny Soratra Masina. "Fa izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masina ary efa nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra sy ny herin'ny fiainana ho avy, nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana, satria manombo ny Zanak'Andriamanitra indray amin'ny hazofijaliana ka manao Azy ho fahamenarana" (Heb 6: 4).

Koa raha tsaroantsika ho mihemotra ho amin'ny fahaverezana isika, dia aoka hiverina ilalana, ka hamonjy indray ny toeran'ny mahazanak'Andriamanitra antsika, dia hiomana hihaona Aminy, mba tsy hahavery ny mahaolomboavonjy antsika.

**Fotoana manokana**
Nohazavain'ny Filohan'ny Sampana nandritra ny fandraisany fitenenana tamin'ny "Fotoana manokana" ny antom-pisian'ny Sampana Fifohazana, izay tsy inona fa ny fitoriana ny Filazantsara, ny fitaizam-panahy, ny fanatanterahana Asa sy Fampaherezana any antokantrano na any ampiangonana, eo ambany fitarihan'ny Mpitandrina raiamandreny, izay ikendrena ny fampiorenana sy ny fampitoerana tsara ny mpino amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Mikasika ny fiainan'ny Sampana, dia nambaran'ny Filoha ny fahatsapan'ny mpiandry ny fahamarinan'ilay Tenin'Andriamanitra manao hoe : "Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra." (Mat 9: 38). Koa dia fifaliana ho anay, hoy izy, ny mampahafantatra ny Fiangonana ny nampandehanan'ny Tompo mpiomana ho mpiandry 5 hamory ny vokatra miaraka aminay ao amin'ny Sampana Fifohazana.

Nampahatsiahiviny koa fa mitohy hatrany ny fanatanterahan'ny Sampana Fifohazana Asa sy Fampaherezana ho an'ny daholo be any am-piangonana isaky ny alahady faharoa amin'ny volana sy any antokantrano ho an'izay maniry fampaherezana manokana.

Toy izany koa, ny fotoampifohazana anasana ny Fiangonana manontolo ao amin'ny Vieux Temple isaky ny zoma fahatelo amin'ny volana manomboka amin'ny 7 ora hariva, dia misy hatrany. Misy "Fotoana malalaka" hahafahan'izay terem-panahy handray anjara amin'ny "Vavaka" na "Fizarana Tenin'Andriamanitra" na "Fijoroana vavolombelona"

amin'izany, ary misy "Toriteny na Fampianarana" sy "Asa sy Fampaherezana" koa.
Ny fivorian'ny Sampana dia atao isaky ny asabotsy voalohany amin'ny volana, izay iofanan'ny mpikambana rehetra, dia ny birao, ny mpiandry, ny mpiomana ho mpiandry ary izay rehetra mitonona ho zanaky ny Fifohazana. Misy koa ny alimbavaka izay atao isam-bolana.

Nandritra ny "Fotoana manokana" ihany koa no niredonan'ny mpikambana ao amin'ny Sampana ilay hira hoe "Ity re no lalana miakatra".

**Asa sy Fampaherezana**
Taorian'ny fanompoampivavahana dia nisy Asa sy Fampaherezana nisokatra ho an'ny mpiangona rehetra.

**Sakafo Agape**
Ho famaranana ny fankalazana ny Isan-taonan'ny Sampana, dia nisy sakafo Agape niraisan'ny mpikambana rehetra, izay nanasana koa ny Mpitandrina mivady sy ny solontenan'ny Fitondrampiangonana ary ny Loholona.
Ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra !

Arilaza
RANDRIAMAHEFASOA

# VAOVAON'NY SAMPANA TILY

Nohon'ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fandaminany dia tanteraka soa aman-tsara ny Isantaona 2022 an'ny sampana Tily sady fanokafana ny Taompanabeazana vaovao indray 2022 – 2023 ny Asabotsy 29 sy Alahady 30 Oktobra lasa teo . Ho fanohizana ny fiainana ny teny faneva izay soritrasampiangonantsika tamin'ity taona ity hoe « handeha isika hitsangana sy hanangana »araka ny Nehemia 2 :17 dia miezaka ny Sampana Tily «hazoto kokoa, hampitoetra ny fiantsoana sy fifidianana azy «eto anivon'ny Fiangonana sy fiaraha-monina. Izany Teny izany -2Petera 1 : 10 - no nanorenana izao Isantaona izao sy hoentina hamakivaky indray ny taompanabeazana vaovao.

Ny asan'ny Sampana Tily sy ny fiantsoana azy raha tsorina dia ny hamolavola zaza sy tanora ho tonga olondehibe tompon'andraikitra. Ho an'ny tenany, ho an'ny hafa ary indrindra eo anatrehan'Andriamanitra ary ho an'Andriamanitra. Fianarana sy fampiharana ny fampianaran'ny Soratra Masina no atao amin'ny beazina ary amin'ny alalan'ny lalao sy atrikasa no ampitana izany. Nahita santionany tamin'izany isika Fiangonana tamin'ny fampilalaovana nataon'ny Tily tamin'ny Olympic scout games ny volana janoary na tamin'ny lasy STA tany Masseube ny volana aprily lasa teo izay nanaovan'ny Tily lalao fanentanana isan-karazany. Ambadiky ny lalao skoto rehetra dia misy soatoavina kristiana foana hanabeazana ny zaza sy ny tanora.

Ny Asabotsy 29 Oktobra dia « Journée copains » no



nanamarihana ny Isantaona ka ny fitandrovana ny Tontolo iainana no lohahevitra nampitaina tamin'ny zaza sy ny tanora, ary nahatonga ny Komitim-pivondronana sy ireo mpanabe nanapakevitra ny hitondra azy ireo hitsidika ny Jardin du Muséum de Borderouge niaraka tamin'ireo olonakafa na zaza na tanora na lehibe tsy tily fa naniry hiaraka taminay. Nandritra ny lasy nataonay tany Cintegabelle tamin'ny volana Martsa lasa teo koa dia toy ny Tily rehetra maneran-tany dia nanamarika ny EARTH HOUR 2022 izahay, na ora iray ho an'ny tany izay hetsika handinihan-tena ka handraisan'ny beazina fanapahan-kevitra mahakasika ny fitandrovana ny tontolo iainana. Ohatra tamin'izany ny fampiasana jiro, rano, finday sns … Lohahevitra tena sarobidy izany, ilàna fahatsapan-tena lalina ny amin'ny vinan'Andriamanitra momba ny tontolo iainana izany indrindra amin'izao fotoana izao izay mahatonga saina ny maro amin'ny fahasimban'ny tany sy ny tontolo iainana, ka na isika aty Frantsa dia voatery hiaina « délestage » ….

Nisy vahiny vitsivitsy tonga nanotrona ny Fivondronana Capitole Toulouse sy ny Fiangonana tamin'ny Isantaona dia Mpikambana avy amin'ny ny Komity Nasionaly sy ny ekipa Nasionalin'ny Mpanabe Skoto , anisan'ireny Cheftaine Fara Parison izay sekretera nasionalin'ny Sampana Tily sady solontenan'ny Fivondronana Capitole Toulouse any amin'ny Birao Nasionaly Tily, sy koa ny Filoha Mpanampin'ny Sampana Tily Nasionaly Dina Serge Randrianarimanana, niaraka tamin'ny delegasiona vitsivitsy avy amin'ny Fivondronana Tily Lamako Bordeaux.
Fifaliana ho anay koa ny notronin'ny Cheftaines Farah Rangers sy Randrana Miandrisoa avy amin'ny Tily eto Madagasikara Sampana Frantsa. Izy ireo moa dia efa mpiandraikitra tranainy teto anivon'ny Sampana ihany saingy nantsoin'ny Tompo amin'ny sehatra hafa ankehitriny, saingy ny fahatongavan'izy ireo tamin'ny Isantaona sy Fanokafana ny Taom-panabeazana ho an'ny Fivondronana Capitole Toulouse dia fijoroana vavolombelon'ny firahalahiana skoto.

Misaotra ny Mpitandrina sy ny Filohan'ny Tafo koa izahay tamin' iny Isantaona iny nanokana fotoana nihaonana sy nifanakalozana tamin'ny Komity Nasionaly sy ny Komitim-pivondronana nifampizarana ny fiainan'ny Sampana Tily na eo anivon'ny nasionaly na ny eto amin'ny Tafo mba afahana manatsara zavatra, mandroso amin'ny tsaratsara kokoa ho voninahitr'Andriamanitra .

Misaotra ny Fiangonana manontolo ny Sampana Tily tamin'ny fanohananareo tamin'ny fomba rehetra ka nahatontosana ity taona 2022 madiva hifarana ity . Misaotra ny Firaisan'ny Sampana izahay satria ankoatry ny Isantaona dia tsaroanay ny asa soa sy fiantrana famangiana sy fizarana sakafo ho an'ireo tsy manan-kialofana teny andalamben'i Toulouse natao tamin'ny volana Jona, izany asa izany dia tsy tanteraka raha tsy niarahan'ny Tily sy ny STK natao , fa tsy tanteraka koa raha tsy teo ny Raya aman-dreny SLk sy SVK izay nalalatanana nanomana sakafo nozaraina ho an'ireo mahantra.

Misaotra an'Andriamanitra koa noho ireo mpanabe izay notendreny hanompo eo anivon'ny skotisma eto amin'ny Fiangonana. Mahavelombolo ny fanolorantenanan'izy ireo hikarakara sy hikolokolo ireo zandrikelin'izy ireo , ireo zandrikelin'i Jesosy. Hita miharihary amin'ny fanolorantenanan'ireo mpanabe tokoa fa nandray maimaimpoana tokoa izy ireo tamin'ny fanabeazana skoto ka manome maimaimpoana, te hampita faneva. Izay niantsoan'ny Tompo anareo. Mahafaly ry Havana ny mampandre ny Fiangonana fa niampy Cheftaines sy chefs skoto maromaro ny Fivondronana Capitole Toulouse ary ny efatra amin'izy ireo dia tanora vao tonga eto Toulouse tao anatin'ny

herintaona, ary nisy aza vao noraisina tamin'ny fandraisana vaovao farany teo fa dia efa nahazo antso hanompo avy hatrany eo anivon'ny Sampana Tily. Deraina ny Tompo !

Dia misaotra indrindra anareo Ray aman-dreny koa izahay tompon'andraikitra ny Sampana Tily manome fitokisana anay amin'ny fanabeazana ny zaza sy ny tanora. Tamin'ny voadin'ny batisa dia nanaiky teo anatrehan'Andriamanitra ianareo ray amandreny fa hanaiky izay fitaizan'ny Fiangonana ny zaza ary anisan'ny fitaizana napetraky ny Fiangonana ny fitaizana Tily. Misaotra anareo nisafidy izany làlana izany koa.

Misaotra ny Fiangonana manontolo tamin'ny fanohananareo ny asan'ny sampana Tily ary manome fotoana anareo sahady izahay amin'ireo hetsika isankarazany iarahantsika amin'ny taona 2023 raha sitrapon'Andriamanitra.

Mirary Krismasy sambatra sy feno fifaliana ary henika ny fiadanan'ny Tompo ho an'ny isan-tokantrano izahay.
«Fa Mpamonjy ny teraka ho anareo anio ao an-tanan'i Davida dia Kristy Tompo». (Lioka 2:11)

Tanana Havia !

**NEWS CAPITOLE TOULOUSE 2022**

A la fin de cette année 2022 , nous comptons une trentaine de louvettes, louveteaux, éclaireurs et éclaireuses au sein du groupe local Capitole Toulouse. Gloire à Dieu pour ces petits soldats de Jésus qui ont rejoint nos rangs pour apprendre à servir le Seigneur au sein du scoutisme et dans notre église.

Oui, car le scoutisme est une école de la vie. Une école où l'on éprouve de la joie
et le plaisir ainsi que la volonté de grandir ensemble dans le Seigneur avec des camarades de jeux et de service. Certes, ce n'est pas toujours facile pour les enfants et les jeunes que de quitter leur zone de confort pendant les week ends ou quelques jours de camp . Mais ils ont appris à se dépasser , par exemple en marchant en exploration en pleine nature à Cadalen sous 40° cet été, à aller puiser de l'eau et allumer et attiser le feu de bois pour cuire à manger. Ce sont des défis de taille mais ils y sont parvenus et ces valeurs là acquises au camp leur seront utiles toute leur vie : des valeurs d'humilité, d'austérité, d'esprit d'équipe etc.

Être scout, c'est apprendre la parole de Dieu en s'amusant. Tous ce que les « Resp » veulent enseigner aux jeunes passent par des jeux, des ateliers, des réflexions, et toujours en équipe. « Mais quelle joie et quels moments de rigolade nous partageons entre sizaines lors de nos activités » partage Théo, un éclaireur. « Nous avons hâte de nous retrouver qu'il nous a même fallu créer des moments rien qu'à nous en dehors des activités scoutes pour nous retrouver » renchérit O'Shanny lors d'une sortie à Aqualudia en Juillet

Cette année nous rendons grâce à Dieu car des nouveaux compagnons de route nous ont rejoints : Pour cette rentrée pédagogique, nous avons la joie d'accueillir les louvettes Naomie, Johanna et Ezra, les louveteaux Chris et Jason, les éclaireurs Nandimby, Timothy et Maharo, et les aînées Sambatra et Miora. Et nous lançons une invitation aux jeunes à partir de 8 ans à venir nous rejoindre .

Être scout c'est le privilège et l'occasion d'apprendre à servir le Seigneur très jeune, mais c'est aussi servir son prochain, lui être utile. C'est pourquoi les scouts dès leur plus jeune âge c'est-à-dire dans la branche des louveteaux, sont éduqués à faire une bonne action -appelée BA en langue scoute- par jour. «Trop chouette et tellement gratifiant d'avoir fait la maraude avec les scouts», nous disait un parent qui a vécu ce moment de partage dans les rues de Toulouse lorsque nos jeunes scouts et les STK sont allés distribuer à manger et parler aux sans abris pour les réconforter par la prière un soir de Juin dernier, après la célébration de la fête nationale marquée par une sortie en bâteau sur le Canal du Midi et un culte pour porter en prière Madagascar et les Malgaches. Car être scout c'est aussi apprendre à servir son pays, sa nation, et en tant que scouts malgaches en France, nous vivons notre identité malgache mais nous aspirons aussi à devenir des citoyens selon le plan de Dieu non seulement pour notre pays d'origine mais aussi pour notre pays d'accueil.

Enfin être scout c'est la mise en application de la parole de Dieu que l'on apprend par exemple à l'école de dimanche ou à la maison avec les parents ...C'est pourquoi nous vous invitons à rejoindre nos rangs, les petits soldats de Jésus toujours joyeux . Nous avons accompli beaucoup de choses, vécu beaucoup d'aventures mais il nous reste encore beaucoup de choses à vivre ensemble, à partager dans la solidarité scoute, ne serait ce que cette ambition de bâtir une église, un nouvel édifice pour la FPMA Toulouse , nous avons besoin de plus de jeunes dans notre groupe pour servir le Seigneur au sein du scoutisme.

Le mot d'ordre pour cette année éducative est de « s'appliquer d'autant plus à affermir notre vocation et notre élection » selon 2 Pierre 1 :10. Si ce message vous parle, pour vous-même ou pour votre enfant, n'hésitez pas à nous contacter
Soyez bénis et passez un très joyeux Noël dans la paix du Christ notre Sauveur.

Noro RASAMOELY

# EVENEMENTS MARQUANTS DE CE DERNIER TRIMESTRE

**ALAHADIN'NY MPITANDRINA**

Le dimanche 6 novembre 2022 a été dédié au ministère Pastoral.
Chaque année, nous réservons un dimanche de l'année pour rendre grâce au Seigneur de nous avoir donné un Pasteur pour prendre soin de ses brebis et afin de porter en prière notre pasteur et toute sa famille.

Cet événement est habituellement suivi d'un repas agape qui n'a malheureusement pu se faire depuis quelques années, en raison de la pandémie et de problème de salle.

Par la grâce du Seigneur, cette année, nous avons pu enfin nous réjouir tous ensemble avec le Pasteur et sa famille lors d'un repas agape à la salle de fête de Gardouch.

Ce fut un moment de joie et de fête où toute l'assemblée a été très heureuse de se retrouver.









**ALAHADIN'NY TARANAKA**

Le dimanche 27 novembre 2022 était l'occasion de féliciter les nouveaux parents de l'arrivée de leur bébé et surtout de les porter en prière.

**ACCUEIL DES NOUVEAUX**

Le dimanche 4 décembre 2022, toute l'assemblée a accueilli les nouveaux membres de l'Eglise nouvellement installés à Toulouse.






# Joyeux NOËL

*« Celui qui est la Parole est devenu un homme et il a vécu parmi nous,*
*plein de grâce et de vérité. Nous avons vu sa gloire,*
*la gloire que le Fils unique reçoit du Père.» (Jean 1:14)*